


Ny Fitiavan’ny Ray

Natsangana ho zanak’Andriamanitra aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny ankohon'Andriamanitra no ankohonana tsara indrindra. Ary na dia tsy nikarakara anao aza ny fianakavianao, dia tadidio fa irin’Andriamanitra ianao. Ekena ianao; ankasitrahana indrindra ianao; ianao no tanjon'ny Fiahiany sy ny Fitiavany. Mihodina aminao avokoa izay Ataony.

Hoy i Paoly tamin’ireo Korintiana, izay tsy tena Kristiana ambony indrindra, hoe: “Fa ny zavatra rehetra dia natao noho ny aminareo.” (2 Korintiana 4:15,). Izay rehetra ataon’Andriamanitra, dia Ataony ho antsika. Tsy mieboebo ianao rehefa mahatsapa izany zava-misy izany. Fa lasa, manetry tena kosa ianao. Tsy misy toerana ho an’ny fiavonavonana rehefa mahita ny fahasoavan’Andriamanitra. Zava-dehibe ny hoe, talohan’ny nanomboana Azy tamin’ny hazo fijaliana, ny vavaka farany nataon’i Jesosy niaraka tamin’ny Mpianany dia natao ho an’ireo izay mpanara-dia Azy, ary koa ho an’ireo izay hanaraka izany (jereo ny Jaona 17:20). Io vavaka io dia mahakasika ny fifandraisantsika amin’Andriamanitra amin’ny maha-Raintsika azy, ary namarana izany:

> “Ray marina ô, tsy nahalala Anao izao tontolo izao; fa Izaho nahalala Anao, ary ireto efa mahalala fa Hianao no naniraka Ahy. Ary efa nampahafantariko azy ny anaranao” (Jaona 17:25–26)

Jesosy dia nampahafantatra antsika fa Andriamanitra no Ray. Efa taonjato efatra ambin’ny folo no nahalalan’ny Jiosy an’Andriamanitra hoe Yahweh, fa ny Zanany ihany no afaka nampahafantatra amin’ny maha-Ray Azy. In-enina i Jesosy tao amin’io vavaka ho an’ny Mpianany io, no niantso an’Andriamanitra hoe Ray (jereo ny andininy 1, 5, 11, 21, 24, 25).

Rehefa nivavaka i Jesosy hoe, “Ary [Izaho] mbola hampahafantariko anao hatrany” (andininy 26), dia nilaza Izy fa hanohy hanambara an’Andriamanitra ho Ray. Avy eo, isika dia tonga amin’ny tanjon’ity fanambarana ity: “Ary mbola hampahafantariko ihany, mba ho ao aminy ny fitiavana izay nitiavanao Ahy, ary Izaho koa ho ao aminy.” (Jaona 17:26). Mitovy tanteraka amin’ny fitiavan’Andriamanitra antsika ny Fitiavany an’i Jesosy. Tena tian’Andriamanitra tahakan’ny Tenan’i Jesosy mihitsy isika. Misy lafiny hafa, anefa amin’izany. Satria ao anatintsika

© 2008 - Dries Du Plessis

Jesosy, dia afaka mitia an’Andriamanitra tahaka ny nitiavan’i Jesosy Azy isika.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa nifidy ahy ao amin’ny fitiavana lanao. Manambara aho fa Andriamanitra, Raiko, dia manana fitiavana ahy mitovy tanteraka amin’ny Fitiavany an’i Jesosy, ary ny fitiavako an’Andriamanitra dia tahaka ny nitiavan’i Jesosy Azy. Natsangana ho zanak’Andriamanitra aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-215-MLG

Nohavaozina farany: 15 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

